



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITANA HAFATRA

HO AN'

Andriamatoa Praiministra, Lehiben'ny Governemanta,

Ramatoa sy Andriamatoa Ministra isany,

Andriamatoa Sekreteram-panjakana.

Antony : FAMETRAHANA IREO SORI-DALAN'NY POLITIKA ANKAPOBEN'NY FITOND'RANA

Nanome toky ny mpiray tanindrazana aho nandritry ny fampielezan-kevitra nataoko fa hanarina ny fahataràna tao anatin'ny 58 taona amin'ny alalan'ny asa fampandrosoana. Koa ankiniko aminareo ny fanatanterahana ny politika ankapoben'ny fanjakana miainga avy amin'ireto tondrozotra sy toromarika omeko manaraka ireto, mba hoentinareo handrafetana sy hanatanterahana ny asa fampandrosoana sy fanarenampirenena, hahatràrantsika ny tanjona dia ny hampandroso sy hampatanjaka ny firenena ary indrindra hahamafy orina ny maha mendrika sy iray antsika malagasy. « Velirano » no nifanaovako tamin'ny vahoaka ka hataontsika soritr'asa sy vina matotra mila tanterahana avy hatrany izany, ary azo tsapaintanana sy ahazoambokatra mivaingana hoan'ny rehetra ka hipaka avy hatrany any vahoana ny tena fampandrosoana marina.

Ireo ny laharampahamehana sy ny drafitra ankapobeny tokony hotanterahantsika araka izany ao anaty fohy ezaka:

NY FANDRIAMPAHALEMANA SY NY FILAMINANA ARY FAMETRAHANA NY MAHA TANY TANDALANA ANTSIKA no laharampahamehana voalohany mba hiasian'ny hiaina aradàlana ny firenena iray manontolo. Ireto no mila hamafisina sy handraisana fepetra haingana anatin'ny fohy ezaka : fanahofahana avy hatrany ny fanondranana omby ; fanarahamaso sy fandrindrana ny fivezivezen'ny omby manerana an'i Madagasikara, ny fandrindrana ireo dina mipetraka isaky ny faritra, fampitaovana ireo mpitandro filaminana antanàndehibe sy ambanivohitra, fanapariahana ireo mpitandro ny filaminana any amin'ny faritra mena sy hanjakan'ny asa fampihorohoroana, fametrahana ny toerampanofanana manokana ireo mpitandro ny filaminana hiaro ny vahoaka na antanandehibe na ambanivohitra, fanorenana sy fanamboarana fonja vaovao sy manarapenitra, fametrahana lamina sy paik'ady matotra ho fitandroana ny filaminana ankapobeny.

NY ANGOVO SY NY RANO no kitro ifaharan'ny fampiroboroana ny firenena. Tanjona ny hampitomboana avo roa heny ny angovo azo ahodina ary hampidina ny vidin'ny herinaratra eny amin'ny mpanjifa 20 ka hatramin'ny 25%. Ny fampitomboana ny angovo entimamokatra no isan'ny antoka iray hampiroborobo ny industria koa noho izany ilaina ny fanatanterahana izany maika ao anatin'ny fohy ezaka.

Isan'ny tanjona hapetrantsika koa ny famatsiana rano fisotro madio manerana ny Nosy manomboka izao ary mandritra ny taona herintaona amin'ny alalan'ny fanaovana vovon-drano, sy ny fanapariahana ny famatsiana rano fisotro madio amin'ny alalan'ireo tetikasa isantsokajiny.

ADY AMIN'NY KOLIKOLY, tsy azo leferana mihitsy. Tokony hanome ohatra voalohany sy modely mandà ny fanaovana, ary mitàna hatrany ny fahamaranana ny tompon'andraikim-panjakana rehetra miainga amin'ny Filohampirenena ka hatrany amin'ny filohampokontany. Antoka ho an'ny famerenam-pitokisan'ny vahoaka amin'ny fitondrana sy ny mpitantana rehetra izany. Noho izany araha-maso akaiky ary atao mangarahara ny fikirakirana ny

tsenam-barotra sy ny tolobidy amin'ny Fanjakana. Hapetraka ny fikirakirana ireo taratasi-mpanjakana amin'ny alalan'ny solosaina hanamorana ny fandraisana ny vahoaka sy ny fanatanterahana ny asampanjakana. Ireo mpiasampanjakana tratra manao kolikoly dia roahina sy esorina tanteraka eo amin'ny asampanjakana ary mbola arahina sazy henjana izany. Atao mitovy lenta avokoa ny zanaka Malagasy rehetra amin'ny fidirina sy fiatrehana ny adina ara-panjakana hiditra ho mpiasampanjakana.

FANABEAZANA HO AN'NY DAHOLOBE : Hamolavola olom-pirenena vanona handray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny firenena. Tsy maintsy miditra an-tsekoly daholo ny zaza malagasy rehetra ary tomponantoka amin'ny fanatanterahana izany ny fanjakana.

Tokony ary tsy maintsy tanterahana ny fananganana toeram-piofanana arak'asa mba ialàna amin'ireo mitsoaka an-daharana mialoha loatra any antsekoly, sy hampiditra ireo tanora eo amin'ny tontolon'ny asa, indrindra hoan'ireo tanora tonga eo amin'ny kilasy fahasivy. Omena fiofanana mendrika sy feno ireo mpampianatra mba ho afaka hamolavola olom-pirenena tompon'andraikitra.

Atao manara-penitra ny foto-drafitr'asa sy ny fitaovam-piofanana rehetra eny amin'ny sekolim-panjakana, sy ny fiofanana arak'asa eny amin'ny ambaratonga ambony. Tsy maintsy tanterahana ny fanorenana ireo sekoly ambaratonga fotototra, ambaratonga faharoa ary ambaratonga ambony maranapenitra sy mifanaraka amin'ny fvoaran'ny toetrandro(EPP-CEG-Lycée - Oniversité).

NY FAHASALAMANA : Zo fototra tokony atolontsika ho an'ny olom-pirenena tsirairay ny fanana fahasalamana. Noho izany, isan'ireo laharampahamehana mila tanterahana anty fohy ezaka ny fandraisana antananana ny fitsaboana ny zaza latsaky ny 5 taona, ny vehivavy bevhoka, ary ny zokiolona mihoatra ny 65 taona. Vaindohan-draharaha amin'izany ny fampitaovana manarepenitra ireo toerampitsaboana sy ny fampitomboana avo

roa heny ny tetibola ho an'ny fahasalamam-bahoaka. Mila mandray fepetra faran'izay haingana isika amin'ny fametrahana ireo antsoina hoe urgence sociale noho ny tranga iainan'ny mpiray tanindrazana izay tsy zakan'izy ireo intsony, koa noho izany ilaina ny fanapariahana haingana ireo fiara vaventy hamonjy ireo toerana sarodàlana sy lavitra ary mitoka-monina hanome fitsaboana maimaipoana ireo mponina. Mila atao haingana ny asa fanarenana sy fametrahana ireo tobimpitsaboana sy Hôpitaly no manarapenitra manerana ny Nosy.

ASA MENDRIKA : Ny fananana asa mendrika ho an'ny rehetra dia isan'ny hamerina ny mahaolona sy ny mahaizy azy ny isambatan'olona, koa noho izany ampiana ireo tanora, ny vehivavy ary indrindra ireo manana tetikasa hampivoatra azy ireo mba hisian'ny tena fampandrosoana marina. Ireo tanora mpamboly sy mpiompy ary mpanao asa tànana dia hahazo fanofanana manokana arakasa, araka izay talenta sy fahaizana hananany avy. Ireo tanora izany mifototra amin'ny asa fambolena sy fiompiana ka mahavita fiofanana mendrika mifandraika amin'izany dia hotolorana tany hovolena sy hiasan'izy ireo (Titre vert). Hatsangana ny banky manampy ireo manana tetikasa ary hisy ny atao hoe « Fonds souverain » hanampiana ireo manana tetikasa matotra sy mendrika ka hohamoraina ny fampisamborambola sy ny fampiroboroboana ny asa hahamaro ireo orinasa madinika sy salantsalany mpamokatra.

FANANGANANA INDOSTRIA : Kitro ifaharan'ny fampandrosoana ireo Distrika 119 manerana ny Nosy ny fametrahana orinasa vaventy mpamokatra. Ny tanjontsika dia ny famokarana eto an-toerana ihany ireo sakafo sy zavatra rehetra ilain'ny mponina andavanandro. Ilaina noho izany ny fametrahana fepetra fanamorana ny fananganana industria eto amintsika. Hampiroboroboana ny fananganana industria mpanodina sakafo, mpanodina fanafody, manamboatra fiara ; ezahintsika sarihana eto Madagasikara ny fananganana orinasa mpanodina simenitra, sy mpamokatra angôvo azo avy amin'ny masoandro mba hamaly avy hatrany ny filân'ny mponina amin'ny tsy fahampian'ny herinaratra.

Ilaina fijerena manokana ny sehatry ny fizahan-tany mba hisian'ny fampiroboroboroana ara-toe-karena mirindra indrindra amin'ny fampidiram-bola vahiny eto amintsika. Ny tanjona dia ny hohoatra ny 500 000 ny mpizahantany mitsidika antsika ato anatin'ny 5 taona.

FAHAVITANTENA ARA-TSAKAFO : Ho tratra ny fahavitan-tena aratsakafo amin'ny alalan'ny fampitomboana ireo velaran-tany azo volena vary. Velaran-tany mihoatra ny 100 000 Ha no efa hita fa azo hanatanterahana izany. Atsangana ny drafitr'asam-pambolena ho fanomezan-danja sy hanajariana ary fifandrahana masomboly tsara kalitao. Amporisihana ny fampiasam-bola amin'ny seha-pihariana fambolem-bary amin'ireo toerana hohajariana ireo mba hanatràrana ny tanjona hamokatra vary 500 000 taonina mialohan'ny taona 2024.

Hampiroboroboana ny fiompiana omby amin'ny alalan'ny fanatsaràna ny taranak'omby tsara karazana izay hafarana avy any ivelany.

Hasiana tsindrimpeo manokana ny fanampiana sy fampitomboana ny sehampihariana lehibe miompana amin'ny fiompiana trondro, akoho amamborona, ary ny fiompiana tantely. Hampiharina manerana ny Nosy ireo. Voizina ireo toeram-piompiana sy fambolena an'ny fanjakana amin'ireo faritra mahavokatra amin'ny fambolena sy fiompiana.

Hatsaraina sy hampitomboina ny kalitao sy ny toerana famokarana lavanila sy ireo voly fanondrana mampahalaza antsika izay mampidi-bola betsaka eto amintsika.

Hiara-miasa amin'ireo firenena manana « cacao » toa an'i Côte d'Ivoire isika mba hampitany ny fahaiza-manaony amintsika, hampiroboroboana ny vokatra eto an-toerana. Trandrahana sy hatsaraina daholo ny seha-pihariana, toy ny fambolena voninkazo sy ny famokarana akondro. Hitrandraka tsenam-barotra any ivelany ho an'ny tsenan'ireo vokatra « Vita malagasy » isika ary hampitombo izany hatrany.

IREO HARENA VOAJANAHARY : Fitantanana maharitra sy fitehirizana ireo harena voajanaharintsika.

Tanterahana isantaona ny fambolena zana-kazo amina velaran-tany 40 000 Ha isan-taona, ireo mpianatra sy ny tafika malagasy izay mitotaly 6 tapitrisa eo ho eo no tsy maintsy manatontosa izany. Ampiasana teknôlôjia vaovao, hitsirihana sy hametrahana ny lamina famerenanana ireo faritr'ala mandrakotra an'i Madagasikara.

Mahakasika ny fitantanana ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany :

Hampiroboroboana ny fitrandrahana vaventy ary ampanarahana ny fenitra ny fitrandrahana madinika. Hatsangana ny foiben-toerampivarotana sy fanakalozana ny volamena sy vato sarobidy. Fampiasana teknôlôjia vaovao hanara-maso ny famokarana sy ny fanondranana ny harempirenena amin'ny alalan'ny fanaovana ny labellisation, ary koa ny fametrahana laboratoa manao ny poinçonnage sy ny titrage ny volamena mivoaka eto amintsika araka ny fenitra iraisampirenena. Mila tantreahana ny fanavaozana ny fehezan-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany izay tokony hametraka mazava tsara fa misy ny atao hoe « droit de préemption » amin'ny fanondranana harena ankibon'ny tany tsy voahodina (brut) miainga eto antoerana, ankoatra ireo fanatsarana hafa tokony hapetraka handrindrana ny asa fitrandrahana eto Madagasikara.

IREO TOERAMPONENANA SY ASA VAVENTY : Fampiroboroboana ny toeramponenana sy fametrahana fotodrafitsara mendrika eto Madagasikara :

Atomboka amin'ity taona ity ny fanorenana tanàna vaovao isan'ireny ny tetikasa « TANAMASOANDRO » hoan'Antananarivo, hisy ihany koa ny tetikasa hafa hoan'ireo renivohimparitany izay tena itangoronan'ny mponina.

Ilaina haingana ny fandihinana ny hanaovana an' i Nosy-Be sy Sainte Marie ho Faritra vaovao miavaka eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy ara-panjakana.

Trano fonenana 50 000 no kasaina atsangana ato anatin'ny dimy taona, ho fanomezana fahafaham-po ny sokajin'olona rehetra.

Mahakasika ny lèlana : hisy fandaharan'asa ho amin'ny fanarenana sy fanamboaran-dàlana, indrindra fa RN-44, ny RN13 ny RN 5a ary ny RN 6 (Eo amin'ny fizaràn-dàlana Ambanja-Antsiranana). Ho an'ny lèlana « Kaominaly » dia efa an-dàlam-pandinihana ny hanaovana azy ireo ho rary vato manaraka ny fenitra iraisam-pirenena.

Tsy maintsy tohizana ny fizarana kara-tany ho an'ireo Tantsaha.

Ny fahaleovan-tena sy andraikitrty ny Vondrom-bahoakam-Paritra Itsinjaram-pahefana. Efa voalaza ny fametrahana Governoram-Paritra, ahafahana mamerina amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra ny fizakan-tena arabolà. Araka izany, havantana avy hatrany ao amin'ny kitampombolan'izy ireo ny teti-bola natokana hoazy ireo amin'ny asa fampandrosoana sy ny fampandehanan-draharham-panjakana. Ampidirina avy hatrany any amin'izy ireo ihany koa 5%ny haba azo avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany miainga avy any amin'ireny faritra ireny. Araka ny satany vaovao, ny Goverinoram-paritra izay mahaleo tena, dia tsy maintsy mamolavola tetikasa mamaly ny filan'ny Faritra izy ireo, mila manetsika ireo loharanon-karena ao aminy, mba hanonitra ny fahataràn'ny fampandrosoana eo amin'ny lafiny fahasalamana, foto-drafitr'asa, fanabeazana, ny fampandroana ara-toe-karena, sosialy ary kolontsaina.

NY FANATANJAHANTENA : Fanoitra hoenti-manandratra ny hambom-pom-pirenena ny fanatanjahan-tena. Noho izany tsy maintsy hajoro ny akademika Nasionaly hoan'ny Fanatanjahanetana Avo Lenta (ANFAL) mba ahafahana mampitomboana ny hahavo teknikan'ny mpanao fanatanjahan-tena isan-tsokajiny. Omena vatsim-pianarana ara-panatanjahan-tena mendrika ireo izay rehetra tokony hahazo izany arakaka sady afaka mianatra no hahazo fanazarantena sy fiofanana ara-panatanjahanetana manarapenitra .

Hatsangana isaky ny renivohi-paritany ny « Gymnase », ny kianja « synthétique », ny lapan’ny fanatanjahan-tena ary ny dobo filomanosana manaraka ny fenitra iraisam-pirenena.

NY KOLONTSAINA : Anisan’ny atao’ny Governemanta vainedohan-draharaha ny fanarenana, fananganana ireo tronom-bakoka mitahiry ny harena sy kolontsaina Malagasy ary manantantara manerana ny Nosy. Singanina manokana amin’izany ny fanarenana ny rovan’i Manjakamiadana izay kendrena ho vita alohan’ny 26 Jona 2020. Tanjona amin’izany ny hanomezana ny anjara toerana tokony hisy azy ny harentsaina sy ny kolontsaina ary ny fomba amampao tena Malagasy. Hisy ihany koa ny fananganana ny Akademiam-pirenena momba ny zavakanto sy kolontsaina, hanatontosàna izany.

Ity no soritra ankabobeny izay entintsika hanatràrana ny tanjona izay nanaovako « velirano » tamin’ny mpiray tanindrazana. Hisy rafitra manokana hajoro eo anivon’ny Fiadidiana ny Repoblika sy Fiadidiana ny Praiministra mba hanara-maso ny fandrindrana izany. Avadintsika ho asa mivaingana sy azo tsapain-tànana, azo refesina tsara sy azo tanterahina izao vina izao.

Ny fanatanterahantsika ireo dingana rehetra sy toromarika rehetra ireo dia hamerina indray ny fahatokisan’ny rehetra ny fitondrana ka hiteraka ny fandrosoana hoan’ny firenena. Izay no antoka iray hampisongadina ny firenentsika, koa aoka isika rehetra mpikambana ato anatin’ny governemanta hikaroka ny lalana sy paika rehetra hoenti-manatanteraka ireo, amin’ny alalan’ny fifanaraham-piarahamiasa amin’ireo mpiaramiombon’antoka na avy eto antoerana na avy any ivelany. Ho mpanamora sy mpanohana ireo mpandraharaoha sy sehatr’asa rehetra isika fitondrampanjakana mba hahatratarana ilay tena fampandrosoana marina sy mendrika an’i Madagasikara.

Ny Filohan’ny Repoblika
Andry RAJOELINA